



NY FIANAKAVIANA MIADY AN-TRANO DIA TSY HAHARITRA

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika nankalaza ny Sakramenta Masina izay nanehoantsika ny finoantsika an'i Kristy nitsangan-ko velona sy eo anivontsika mandrakariva amin'ny alalan'ny sakramenta masina sy ny eokaristia ary izy miara-dàlana amintsika sy mamelona ary mitantantana antsika amin'ny alalan'ny teniny sy mamelona amin'ny alalan'ny tenany. Ny Alahady manaraka ny fankalazana ny sakramenta masina no mampiditra antsika amin'ny mandavantaona ka andalanantsika ny finoana mba hahatonga antsika ho Kristianina velona izany hoe Kristy velona eo amin'ny mpiara-belona amintsika isika na araka ny mahazatra isika no Kristy Mpiara-belona irahina hitondra ny vaovao mahafaly eo anivon'ny fiainantsika andavanandro. Izany no mahatonga antsika milaza matetika ny hoe fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ny finoana no hahatsapantsika ary hahafahantsika mandray an'i Kristy indrindra amin'ny alalan'ny kominio masina, amin'ny alalan'ny Sakramenta masina sy fankalazana ny Eokaristia izay andraisantsika azy amin'ny alalan'ny tenany “Vatako ity ka raiso”, amin'ny alalan'ny fampianarany satria izy no làlana sy fiainana ary fahamarinana. Izany no mahatonga ahy mamerina matetika fa tsara isaky ny mandray komonio isika ka raha milaza ny Pretra vatan'I Kristy, entanin'ny finoana isika dia mamaly mazava Amen. Zanak'Andriamanitra ireo manodidina antsika ireo ka raha mahay isika mifandray amin'izy ireo vokatry ny paka dia miova ny fifandraisana amin'Andriamanitra, miova ho tsara ny fifandraisantsika samy olombelona. Raha mifandray tsara isika dia eo anivontsika tokoa Andriamanitra araky ny hira hoe “zay anjakan'ny fitiavana, anjakan'Andriamanitra”. Amin'ny alalan'ny vavaka no iombonantsika amin'Andriamanitra ka mahatonga azy ho eo anivontsika. Izany no

hamporisihina antsika ho fiainana feno vavaka ny fiainantsika rehetra, tsy irery isika amin'izany fa ampianarin'i Masina Maria, izy no manampy antsika hahay handray an'i Jesoa amin'ireo lafiny nolazaintsika : amin'ny alalan'ny sakramenta, ny teniny, amin'ny alalan'ireo manodidina antsika ary ny vavaka.

Amin'izao mandavantaona izao dia alalinintsika izany rehetra izany, io no fandalinam-pinoana, ezaka ataontsika sahady amin'izao filankevitra pastôraly izao, tsy tanjona fa andalina izany rehetra izany isika mba hanampy antsika hivahatra tokoa amin'ny fiainantsika ny finoana marina. Antenaintsika izao filankevitra pastôraly izao ho hisy toro-làlana hanampy antsika handray izany rehetra izany.

Tsy mahagaga àry amin'izao Alahady faha-10 mandavantaona izao raha lazain'ireo vakiteny telo fa Ady sady Dia ny fiainantsika sy ny fiainam-pinoantsika izany hoe ny fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana.

Ao amin'ny Evanjely androany vao manomboka ny asany i Jesoa dia efa maro ny manohitra azy ary indrindra nanohitra azy ny demony ka aza gaga isika raha ny ezaka rehetra ataontsika mivelona ny finoana fa indrindra amin'izao andro sarotra izao, tahaka an'i Lucien Botvasoa koa nivelona an'izany, raha mifanohitra amin'izao tontolo izao satria ny finoana dia tsy mifanaraka na oviana na oviana amin'ny hevitr'izao tontolo izao àry izany no antenaintsika fa hitondra fihavaozana.

Averintsika matetika ity teny fihavaozana ity, raha mbola ny hevitr'izao tontolo izao : ny fialonana, ny adiady, ny lainga, ny risoriso ary ny fontsika tsy miova dia tsy ho hisy izany fihavaozana izany na fanavaozana. Ny antony dia tsotra ireo rehetra ireo manapotika, mandrava fa tsy manorina ka aoka ho génération des bâtisseurs isika, raha vonona isika hanorina fa tsy hanapotika dia tsy maintsy miatrika sy miady ny hevitr'izao tontolo izao dia ny fankahalana, ny fanaratsiana, ny fanilikilihana, ny fanapotehana. Raha tiantsika ny fihavaozana dia aoka ho génération mpanorina isika, izany fanorenana izany dia tsy maintsy miady amin'ny hevity ny ratsy. Aoka tsy amin'ny alalan'ny ratsy no entintsika iadivana fa raha tsy izay dia ady an-trano no mitranga. Raha misy ady an-trano dia mifanapotika isika.

Aoka ny tsara no entintsika handresena ny ratsy.

Inona no tsara fototry ny fihavaozana sy ny fanoreana ? ny tsara dia izay lazain'i Md Paoly hoe *“na inon-kidona na inon-kiatra dia miteny izahay satria i Jesoa irery ihany no hahafahana manorina, tsy hahakivy anay ireny fanaratsiana sy ady anapotehana ireny fa ny anay dia ny mitory an'i Jesoa”*. Izany koa no anjaram-piainantsika sy kendrentsika mandrakariva amin'ny fiainantsika andavanandro. Aoka isika tsy ho kivy amin'ireny fanaratsiana ataon'olona fa ao anatin'ny fifankatiavana ny Paka ho antsika, mitory ny fifankatiavana izay mikatsaka ny soa ho an'ny hafa. Na dia eo aza ny ataon'ny demony araky ny vakiteny voalohany tsy maintsy miady amin'ny ratsy isika *“Ary hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy, ny taranakao sy ny taranany; izy hanorotoro ny lohanao, ianao kosa hanorotoro ny ombalahin-tongony”* Miady amin'ny fiadiana tsy manapotika fa amin'ny alalan'ny fitiavana ary izany no mitondra antsika, Ady sady Dia no mitondra antsika amin'ny tena fiainana. Raha mbola mampiasa ny fiadian'izao

tontolo izao isika izany hoe amin'ny alalan'ny herisetra, fankahalana sy fanilikiliana dia ho potika ity firenentsika ity, ho potika ny fianakaviansika sy ny fiainantsika manontolo.

Amin'izao hanombohantsika ny fandalinam-pinoana amin'ny Alahady tsotra mandavantaona izao dia aoka hifikitra bebe kokoa amin'i Kristy isika, hivahatra amin'i Kristy na dia mafy ny dia ataontsika manohitra ireo fakam-panahy hitarika antsika hifankahala sy hifanapotika. Izany rehetra izany no mahatonga antsika manatanteraka Filankevitra Pastoral. Hahatonga antsika ho Mpanorina ETA (Eglizy Tranon'Andriamanitra) sy EOY (Eglizy Olona Velona).

Aoka ho resentsika amin'ny alalan'ny Evanjely, amin'ny alalan'ny fiombonantsika amin'i Jesoa, amin'ny alalan'ny fitiavana marina izay mety mitarika fandravana eo amin'ny fiainana fa hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana isika amin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ka hiombona ao amin'i Jesoa isika.

Ry Jesoa zokinay ô, niainanao tokoa ny fankahalan'olona ka niafara tamin'ny namoizanao ny ainao teo amin'ny hazo fijaliana izany, manana modely koa izahay tamin'ny nanomezanao anay an'i Lucien Botovasoa olontsambatra, araky ny teny mahazatra "ny hazo avo alan-drivotra", matetika amin'ny fiainanay andavanandro iadivan'ny ratsy, tadiavin'ny demony ho potehina, zanak'ondry eo ampovoan'ny amboadia izahay ka mitady ho potika kanefa ampianarinao izahay ho generation mpanorina. Mangataka aminao izahay ry Jesoa ianao izay nandresy ny satana, eo ampanomanana ny filankevitra pastôraly izahay ka hitoetra ao aminao tokoa anie izahay satria raha mitoetra ao aminao sy itoeranao izahay dia hamokatra voa maro sy voa tsara ka zary feno hafaliana sy fiadanana. Ampio izahay amin'ny fihavaozana rehetra ataonay mba ho fihavaozana hifototra amin'ny fampianaranao izany satria izany no hahazoanay ny tena fiadanana. Enga anie ny Eglizy tsirariray hahay hanovo angovo ao aminao ary hahay hitondra izany angovo tovozinay avy aminao izany eo amin'ny mpiara-belona aminay ka ho fantatray ny hanova ny fiainanay tsizarizary nopotehin'ny satana mba ho fiainana misy anao lalandava. Enga anie ny filankevitra ataonay hanampy anay hijery ny lalan-kombana, ny herin'ny Fanahinao Masina anie hanambatra anay ka hahatonga anay koa ho Kristy mpiara-belona sy Kristianina marina eo amin'ny fiainanay. Na dia mafy aza ny fitoriana ny vaovao mahafaly, eo ny fahakiviana, ampio izahay handresy mandrakariva ny herin'ny ratsy rehetra, ampitomboy ao aminay ny finoana, hahaizanay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ny fiainam-pinoanay anie no entinay hitory ny vaovao mahafaly tahaka ny nataon'i olontsambatra Lucien Botovasoa eo amin'ny fiainanay andavanandro.

Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarason